

**Fivondronamben'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny
Andro Fahafito eto anivon'ny Ranomasimbe Indianina**

**Herinandro
Fiaraha-
Mivavaka**

**Inona no
Atao hoe
Mpianatra?**
t. 8

**Miaina
ny Maha-
Mpianatra**
t. 16

**Ny Sandan'
ny Maha-
Mpianatra**
t. 24



**Mpianatra
Mitombo**



Herinandro Fiaraha- mivavaka 2022

- 3 Sabata Voalohany**
Handeha Aho Hanao ny Hafa ho Mpiandra
Ted N. C.
- 8 Alahady**
Inona no Atao hoe Mpiandra?
Glenn Townend
- 12 Alatsinainy**
Mitombo amin'ny Maha-
Mpiandra'i Jesôsy
S. Joseph Kidder
- 16 Talata**
Miaina amin'ny Maha-Mpiandra
Joel Okindoh
- 19 Alarobia**
Manao Mpiandra
Tara VinCross
- 24 Alakamisy**
Ny Sandan'ny Maha-Mpiandra
Anna Galaniece
- 28 Zoma**
Ny Fialiana amin'ny Maha-
Mpiandra
Dwain N. Esmond
- 32 Sabata Faharoa**
Ny Porofon'ny Maha-Mpiandra
Marina



Natontan'ny Trano Pirinty Adventista Soamanandrarin'ny
BP 1134 Antananarivo 101
Lalam-pirenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel. 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: 0571-D/08.22
Ny Natonta: 8094 isa

MPIANTRA MITOMBO

Teny fampidirana



Roa arivo taona lasa izay no nanaovan'i Jesôsy ilay fanasana hoe: “*Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo*”- Mat. 4:19, tamin'ireo mpanarato vitsivitsy teo amoron'ny ranomasin'i Galilia. “*Dia nandao ny sambokely sy ny rainy niaraka tamin'izay izy ka nanaraka Azy*”- and. 22. Voaova mandrakizay ny fiainan'izy ireo rehefa niaraka

tamin'i Jesôsy nandritra ny fotoana elaela izy.

Ankehitriny dia mbola miantso olona ho tonga mpianany i Jesôsy. Manomboka amin'ny fanarahana an'i Jesôsy ny mahampianatra, izany hoe ny fanokanana fotoana iarahana Aminy amin'ny alalan'ny fandinihana ny Baiboly sy ny fivavahana ary ny fanarahana Azy amin'izay itondrany antsika. Azontsika atao koa ny mipetraka eo an-tongotr'i Jesôsy amin'ny alalan'ireo pejny ny Soratra Masina, ary ny mihaino ny fampianarany. Hitantsika ao ny fanasitrany ny jamba sy ny malemy, ny hafanam-pony tamin'ny nanadiovany ny tempoly, ary ny fahalemam-panahiny raha nitso-drano ny ankizy madinika Izy. Hitantsika ao ny fanehoany fitiavana tamin'ireo fahavalony sy ny nanomezany taridalana an'ireo sakaizany. Tahaka ireo mpiandra fahizay, isika koa dia mahazo anjara amin'ny torolalany manan-danja. Amim-pitalanjonana no ijerentsika ireo toe-javatra farany teo amin'ny fiainany teto an-tany. Mifaly noho ny amin'ny fitsanganany tamin'ny maty isika, ary miara-mandeha amin'ireo mpiandra tany Emaosy raha “*nanomboka hatramin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevitra ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra*.”- Lio. 24:27.

Raha “*efa niaraka tamin'i Jesôsy*” isika (jereo ny Asa. 4:13), dia vonona ny hanaiky ny antsony manao hoe: “*koa mandehana hianareo, dia ataovy mpiandra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.*”- Mat. 28:19, 20.

Manasa anao aho hanokana fotoana hiarahana amin'i Jesôsy mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity, izay handinihantsika akaiky ny hevitra ny hoe: *Manara-dia Azy.*

Ted N. C. Wilson, Filohan'ny Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana Adventista Mitandrina ny Andro Fahafito

Sabata voalohany


HANDEHA AHO HANAO NY Hafa ho MPIANATRA

Ny maha-mpianatra sy
ny iraka ampanaovina ny
fiangonana



Maherin'ny roa arivo taona lasa izay, indray lohataona teo amin'ny tendrombohitra iray tany Galilia, nihaona tamin'ireo mpianany i Kristy ilay nitsangana tamin'ny maty. Teo ihany koa ireo mpanara-dia Azy an-jatony. Nanome azy ireo toromarika manan-danja Izy ny amin'ny fomba hanatanterahana ny iraka ho fanatrarana fanahy maro ho ao amin'ny fanjakan'ny lanitra, asa izay natombony izany. Ho an'ny maro dia io no hany fotoana nahitany sy nandrenesany mivantana ilay Tompony nitsangana tamin'ny maty.

Voalaza fa “*Kristy mihitsy no nanondro ny fotoana sy ny toeran'io fihaonana io talohan'ny nahafatesany. Nampahatsiarovan'ilay anjely teo amin'ny fasany tamin'ny mpianany ny teny fikasany hihaona Aminy any wGalilia. Naverina tamin'ny mpino nivory tany Jerosalema io teny io, ary tamin'ny alalan'izy ireo dia nahatratra olona manirery maro izay kivy noho ny fahafatesan'ny Tompony. Liana dia liana tokoa ny rehetra nibanjina izany fotoana izany.*” – Ellen G. White, Ilay Fitiavana Mandresy, t. 875.



“Tsy misy fiantsoana ambony kokoa noho ny fiantsoana ho mpianatr’i Jesôsy Kristy. Raha lazaina amin’ny teny tsootra, ny ho tahaka an’i Jesôsy no tanjon’ny tena mpianatra marina rehetra.”

Rehefa vory teo antendrombohitr’i Galilia ireo vondron’olona dia niseho tampoka teo afovoan’izy ireo i Jesôsy. Talanjona izy ireo raha nihaino Azy nanonona ilay baiko be mpahalala izay voarakitra ao amin’ny Mat. 28:18-20: “Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any andanitra sy etỳ an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan’ny fahataperan’izao tontolo izao.”

NY FIANDOHAN’NY ASA NANIRAHANA NY FIANGONANA

Telo taona talohan’izay dia nisy toe-javatra iray manan-danja ihany koa niseho teo amin’io tendrombohitra iray tany Galilia io. Iza no ambaran’ny fanahin’ny faminiana amintsika momba izany: “Tamin’ny nandraisana ny roa ambin’ny folo lahy no nanaovana ny dingana voalohany teo amin’ny fandaminana ny fiangonana izay hiandraikitra ny asan’i Kristy eto an-tany aorian’ny fiakarany ho any an-danitra. Iza no voalaza mikasika io fandraisana azy ireo io: ‘Ary niakatra teo antendrombohitra Jesosy ka niantso izay tiany hankeo Aminy; dia nankeo Aminy ireo. Ary nanendry roa ambin’ny folo lahy Izy ho ao Aminy sy hirahiny hitoriteny.’- Mar. 3:13, 14.”- Ellen G. White, Vavolombelona Mahery, t. 18, ed 1988.

Nanana tombontsoa tamin’ny fanarahana an’i Jesôsy isan’andro ireo mpianatra 12 ireo, nihaino ny fampianarany, nahita ny asa nataony ary nandray lesona avy tamin’ny ohatra nasehony. “Nandritra ny telo sy tapany ny mpianatra dia nampianarin’Ilay Mpampianatra lehibe indrindra izay mbola tsy nisy toa Azy teto amin’izao

tontolo izao. Nanomana azy ireo hanao asa fanompoana ho Azy Kristy tamin’ny alalan’ny fifampikasohana sy ny firaisana taminy manokana. Niara-nandeha sy niara-niresaka taminy isan’andro izy ireo (...) Tsy nibaiko ny mpianatra hanao an’itsy na hanao an’iroa Izy, fa hoy Izy: ‘Manaraha Ahy.’”- Ellen G. White, Vavolombelona Mahery, tt. 17, 18.

Rehefa izay dia nirahina hijoro ho vavolombelon’i Kristy ireo mpianatra, hanambara izay efa hitany sy reny avy Taminy. Nasaina nanofana sy nanabe ny hafa izy ireo, ary koa nasaina naniraka azy ireo hizara ny hafatry ny filazantsara. Ary nomena azy ireo ny herin’ny Fanahy Masina mba hanaovany izany.

ANTSO HO AN’NY MPINO REHETRA

Indro, eo antendrombohitra indray ilay Kristy nitsangana tamin’ny maty, maniraka ny hitorina ny filazantsara; tsy ho an’ireo izay notendreny ho mpitarika ny fiangonany ihany izany iraka izany fa ho an’ny mpino rehetra maneran-tany.

Nampitodika ny fijerin’ izy ireo ho amin’ny lanitra i Kristy, nambarany fa efa tontosa ny asany teto an-tany ka hiverina any amin’ny Rainy any an-danitra Izy

ankehitryny. Nomeny toky ireo mpanara-dia Azy hoe: “*efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany.*” Notononiny ny iraka ho an’ny fiangonany izay voasoritsoritra antspiriany ao amin’ny hevitra ny maha-mpianatra, ny hanaovana batisa ny olona amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sy ny hampianarana azy “*hitandrina izay rehetra nandidiako anareo*”- Mat. 28:20.

“Tsy misy fiantsoana ambony kokoa noho ny fiantsoana ho mpianatr’i Jesôsy Kristy. Raha lazaina amin’ny teny tsotra, ny ho tahaka an’i Jesôsy no tanjon’ny tena mpianatra marina rehetra.” Raha lazaina amin’ny teny tsotra, ny ho tahaka an’i Jesôsy no tanjon’ny tena mpianatra marina rehetra. “*Ny mpianatra tsy mihoatra noho ny mpampianatra; fa izay rehetra tanteraka dia ho tahaka ny mpampianatra azy ihany*” hoy i Jesôsy nandritra ny toriteny nataony teo antendrombohitra (Lio. 6:40).

Mahataka-davitra izany antso hanao mpianatra izany, izay iraka ampanaovina ny fiangonana; mahafaoka ny *frenena rehetra* izany. Azo antoka fa fanambarana nanaitra ireo mpanara-dia an’i Jesôsy an-jatony izay nipetraka teo antendrombohitr’i Galilia izany, kanefa efa nasehon’i Jesôsy fony Izy teto antany fa tsy natokana ho

an’ny Jiosy irery ihany ny filazantsara. Niasa tamin’ny Samaritana Izy, tamin’ny Rômanina, sy ireo Jentilisa hafa toy ilay vehivavy avy amin’ny firenena Syrofoinika ary tamin’ireo Grika izay nitady Azy nandritra ny andro firavoravoana.

ASA MASINA

Rehefa avy nandray ny iraka nampanaovin’i Kristy ireo mpanara-dia Azy dia nijoro ho vavolombelona teo amin’ireo akaiky azy ireo indrindra- ny havana, ny namana, ny mpiaramonina, ary niitatra izany. Iray tamin’ireo mpianatra nanolo-tena ho amin’izany i Tabita, izay fantatra ihany koa tamin’ny anarana hoe Dôrkasy.

“Mpianatr’i Jesôsy Kristy tena mendrika izy; asa soa sy hatsaram-panahy tamin’ny mahantra sy ny malahelo no nanamarika ny fiainany, ary zotompo tamin’ny fiarovana ny fahamarinana. Namoizana zava-dehibe tokoa ny fahafatesany; tsy vitan’ny fiangonana madinika ny nanohy ny ezaka masina nataony.”- The Spirit of Prophecy, b. 3, t. 323. Nitana anjara toerana manan-danja teo amin’ny fiangonana voalohany ny mahampianatra an’ity vehivavy ity, koa rehefa maty izy dia nanao fahagagana tamin’ny alalan’ny apôstôly Petera Andriamanitra ka nanangana azy tamin’ny maty (jereo ny Asa. 9:36-42).

Rehefa nihanitombo ny fiangonana dia nanomboka nahatsapa ny fivelaran’ny fiantsoana azy ireo mpanara-dia an’i Kristy, araka izay nambaran’i Paoly raha niresaka tamin’ireo Ateniana tany Areôpagô izy: “*ary ny firenena rehetra avy amin’ny iray ihany dia namponeniny ambonin’ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan’andro sy ny faritry ny fonenany, mba hitady an’Andriamanitra izy, raha tãhiny hahatsapa ka hahita Azy, kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy*” - Asa. 17:26, 27.

Nandritra ny taona maro dia nitari-dalana ny Fiangonany Andriamanitra rehefa nampitain’ny mpianatra ho amin’ny mpianatra hafa ny hafatra, nisy fotoana izay namoizan’izy ireo ny ainy noho ny amin’izany, raha nanao ny olona ho mpianatra izy tamin’ny nampianarany azy ny Tenin’Andriamanitra sy nanaovany batisa azy amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina ary ny nanofanany azy tahaka izay nataon’i Jesôsy.

TOMBONTSOA HO ANTSIKA

Amin’izao andro izao, tombontsoa manao ahoana re izany hoe mandray anjara amin’ny Iraka lehibe sy ny antso farany atao amin’izao tontolo izao ho fizarana ny filazantsara mandrakizay ao anatin’ny tontolonkevitra ny hafatry ny anjely

telo ao amin'ny Apôk. 14! Ampifandraisin'i Ellen White amin'ny hafatry ny anjely telo ny Iraka lehibe, amin'ny fomba mazava sy feno hery no ilazany izany: "Napetraka eto amin'izao tontolo izao tamin'ny fomba manokana ny Advantista mitandrina ny andro fahafito mba ho mpitily sy mpitondra fahazavana. Napetraka tamin'izy ireo ny fampitandremana farany hoentina ho an'ny tontolo iray efa ho faty. Mampirapiratra eo aminy ny fahazavana mahatalanjona avy amin'ny Tenin'Andriamanitra. Nomena hataon'izy ireo ny asa ambony sy masina indrindra: ny fitoriana ny hafatry ny anjely voalohany sy faharoa ary fahatelo. Tsy misy asa manan-danja mihoatra noho izany. Tsy misy na inona na inona tokony havelan'izy ireo hampiala ny fisainany amin'izany.

"Ny fahamarinana miezinezina indrindra izay tsy mbola nampitondrina ny olona mety maty hatrizay no nomena antsika mba hotorina amin'izao tontolo izao. Ny fanambarana ireo fahamarinana ireo no tokony ho asantsika. Mila fampitandremana izao tontolo izao, ary ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho mahatoky amin'ny asa izay nampandraiketina azy. (...)

"Aoka isika ho fantsona nohamasinina izay hikorianan'ny fiainan'ny lanitra ho amin'ny hafa. Ny

Fanahy Masina no tokony hanetsika sy hanenika ny fiangonana manontolo, mba hanadio sy hampifandray ny fo. Ireo izay niara-nalevina tamin'i Kristy tamin'ny batisa dia hitsangana indray ho amin'ny fiainam-baovao, ho vavolombelona velon'ny fiainan'i Kristy. Misy adidy masina mitambesatra amintsika. (...) Isika dia voatokana hanao ny asa fampahafantarana ny filazantsaran'ny famonjena. Aoka ny toetran'ny lanitra tonga lafatra no ho herinao."- Testimonies For the Church, b. 9, tt. 19, 20.

NY FANAOVANA MPIANATRA: DINGANA MIANDALANA

Dingana miandalana ny fanaovana mpianatra. Tsy fanaovana fivoriana maromaro ho fitoriana ny filazantsara fotsiny izany fa mihoatra noho izany, na dia manan-danja aza ireny. Mihoatra noho ny fanomezana sakafo an'ireo tsy manan-kialofana izany, na ny fanadiovana ny tanàna eo amin'ny fiarahamonina, na koa ny fanaovana hetsika ara-pahasalamana, na ny fampianarana Baiboly, na dia manana ny lanjany aza ireo hetsika ireo.

Ny dingana voalohany eo amin'ny fanaovana mpianatra dia ny fetezantsika ho mpianatra aloha. "Tsy maintsy mianatra amin'ilay Ohatra isika ary manahaka an'i Jesôsy izay malemy fanahy sy nanana fo mietry, izay madio sy tsy nisy pentina."- Signs of the

Times, 20 Avrily 1891. Ny fanokanantsika fotoana iarahana Aminy isan'andro no ahafahantsika manao izany- mianatra ny Teniny, mandinika ny hevitr'izany, miray Aminy amin'ny alalan'ny vavaka, mametraka ny zava-drehetra eo Aminy noho ny amin'ny heriny, ary mankatò ny didiny. Hery manova ny fahasoavan'i Kristy, manova antsika izany ka tsy mpihaino intsony isika fa tonga mpanatanteraka izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra.

Ny dingana manaraka, araka izay hita teo amin'ny fiainan'ireo mpianatra voalohany, dia ny fizarana amin'ny hafa ny fanandramana niainantsika- izay hitantsika sy rentsika teo amin'ny fiarahantsika mandeha tamin'i Jesôsy, amin'izany no hanasantsika azy ireo hoe: "*Andramo ka izahao fa tsara Jehovah*"- Sal. 34:8. Ary rehefa manolotra ny fiainany ho Azy ireo vaovao ao amin'ny finoana ireo ka atao batisa, dia mbola ilainy ny fampianarana azy amin'ny alalan'ny fanarahamason'ireo mpianatra efa manana traikefa eo amin'ny finoana.

Namokatra fitaovana mahomby eo amin'ny firesahana an-tsipiriany ny fanaovana ny hafa ho mpianatra sy ny dingana fanarahana akaiky ireo mpianatra ny departemantan'ny Sekoly Sabata sy ny asa ataon'ny tena manokana any amin'ny

foibe maneran-tany. Nomena ny lohateny hoe “Disciple Handbook: A resource for Seventh-day Adventist Church Members” izany (misy amin’ny fiteny miisa 30), ho fitahiana lehibe ho an’ireo mambra efa ela sy vaovao io boky tsotra sy mazava io.

Tahaka ny tamin’ny andron’ny TV ihany, mahakasika ny tsirairay ny fanatanterahana ny iraka ampanaovina ny fiangonana-tsy ny pasitora ihany, na ny evanjelisitra sy ireo mpitarika hafa. Manasa antsika rehetra Andriamanitra, amin’ny alalan’ny heriny, mba ho tonga mpianatr’i Kristy, ary rehefa izay dia asainy mandeha isika mba hanao ny hafa ho mpianany. Ho avy i Jesôsy. Mandraisa anjara!

I Ted N. C. Wilson no filohan’ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany. Azonao jerena ao amin’ny Twitter: @pastortedwilson sy ny Facebook: @pastor Ted Wilson ny lahatsoratra fanampiny sy ny famakafakana izany.

Fanontaniana hosaintsainina

1. Ahoana no ahazoako manao ho laharam-pahamehana ny fotoana manokana iresahana amin’i Kristy mba hahatonga ahy hifankazatra amin’ny feony sy ny torolalany eo amin’ny fiainako?
2. Iza no mitovy aminao kokoa, i Dôrkasy izay nanao asa fanompoana mangingina sa i Paoly izay nizara ireo fitsipiky ny fahamarinana tamimpahasahiana lehibe?
3. Misy olona ve ao amin’ny fiangonana misy anao izay azonao atonina ka tohanana sy ampaherezina eo amin’ny fiarahany mandeha amin’i Kristy?

INONA NO ATAO HOE MPIANATRA?




Mirakitra ity tantara be mpahalala kanefa miavaka ity ny filazantsaran’i Marka: *“Ary tonga tany Betsaida izy; ary nisy nitondra lehilahy jamba teo amin’i Jesosy ka nangataka taminy hanendry ilay jamba. Ary nitantana ilay jamba Izy ka nitondra azy teny ivelan’ny tanàna; ary rehefa nororany ny masonry, ka napetrany taminy ny tanany, dia nanontaniany hoe izy: Mahita zavatra va hianao? Dia niandrandra ralehilahy ka nanao hoe: Mahita ny olona aho; fa toa hazo ny fijeriko azy, saingy mamindra. Dia napetrany tamin’ny masonry indray ny tanàny, dia nibanjina ralehilahy ka nahiratra tsara, ary hitany miharihary ny zavatra rehetra.”* - Mar. 8:22-25.

Ny fikasihana fotsiny ihany na ny fanomezana baiko no fomba nampiasain’i Jesôsy any amin’ireo fitantarana hafa rehetra momba ny fanasitranana. Nahoana àry no fikasihana roa no nilaina mba hana-sitranana ity lehilahy ity?

Hevero ny amin’ny filaharan’ireo fitantarana ao amin’ny Mar. 8. Talohan’io fitantarana io dia namahana olona 4000 tamin’ny alalan’ny fahagagana i Jesôsy; na izany aza dia nitady famantarana hatrany ireo Fariseo. Ho valin’izany dia nampitandrina ireo mpianany i Jesôsy ny amin’ny “masirasiran”ny Fariseo tamin’ny fanaovana fanoharana niresahana momba ny tsy fahampian’ny finoan’izy ireo (and. 1-21). Taorian’izany, rehefa avy nampahiratra ilay jamba i

Jesôsy dia nametraka ilay fanontaniana lehibe indrindra momba ny finoana manao hoe: *“Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza?”*- and. 29. Araka izany, ny lohahevitry ity tantara ity dia ny finoana. Mariho fa olon-kafa no nitondra ilay jamba ho eo amin’i Jesôsy. Ireo olona ireo, fa tsy ilay jamba, no nino an’i Jesôsy.

Jamba nandritra ny fotoana fohy aho tamin’ny fahafolo taonako rehefa avy nijery faninginana (soudure) na dia efa notenenina aza tsy hanao izany. Nifoha aho ny maraina ka tsy nahita ny masoko-nampatahotra izany. Tsy maintsy niantehitra tamin’ny fianakaviako aho mba hanome sakafo ahy, hanadio ny vatako, hampiakanjo ahy ary hitari-dalana ahy. Tsy maintsy nitoky tamin’izy ireo aho ka nanao azy ho masoko.



“Ny mpianatra dia mihamanahaka an’i Kristy hatrany hatrany amin’ny zavatra rehetra.”

Tahaka izany koa, rehefa nandray ilay jamba tamin’ny tanany i Jesôsy ka nitondra azy ho any ivelan’ny tanàna dia nanomboka natoky an’i Jesôsy ilay jamba ka Izy no nataony ho masony. Rehefa nororan’i Jesôsy ny mason’ity lehilahy ity ary nanontaniany izy hoe: *“Mahita zavatra va hianao?”*, dia namaly ilay lehilahy hoe: *“Mahita ny olona aho; fa toa hazo ny fjeriko azy, saingy mamindra.”* Nitombo ny finoany an’i Jesôsy. Farany, rehefa nametraka ny tanany teo amin’ny mason-dralehilahy i Jesôsy ka nahita tsara izy

dia tanteraka ny finoany an’i Jesôsy amin’ny maha-Olona, mpanasitrana sy mpanova fiainana Azy. Avy tamin’izany dingam-pivoaran’ny finoana izany no nandraisan’i Jesôsy lehilahy iray nanana finoana kely na tsy nisy mihitsy aza ka nitarihany azy ho amin’ny toeran’ny fitokiana sy ny finoana, tamin’izany no namerenany ny fiainan’ity lehilahy ity amin’ny laoniny.

MIANATRA NY HO TONGA MPIANATRA

Tahaka izany no iarahan’i Jesôsy miasa amin’ny tsirairay avy amintsika. Fantany ny toerana misy antsika eo amin’ny dia lavitry ny finoana ataotsika manokana; na dia tsy manana afa-tsy finoana kely monja aza isika kanefa manolo-tena dia afaka mitarika antsika Izy ary manome antsika ireo porofo tena izy hampitomboana ny fitokiantsika Aminy sy ny finoantsika Azy ho famerenana indray ny fiainantsika amin’ny laoniny. Izany no hevitra ny hoe mpianatr’i Jesôsy. Ny voanteny nadika hoe “mpianatra” ao amin’ny TV dia ny hoe *mathetes*, avy amin’ny matoanteny grika “mianatra”. Araka izany, ny mpianatr’i Jesôsy dia olona

izay mianatra ny hampivelatra ny fitokiany Aminy sy ny finoany Azy ary haveriny indray amin’ny laoniny.

Izany no dingana narahin’ireo mpianatr’i Jesôsy manokana 12. Nifidy azy ireo hiaraka Aminy i Jesôsy ary naniraka azy (Mar. 3:13-15). Nianatra ny nitoky taminy izy ireo tamin’ny fandaniany fotoana “niaraka tamin’i Jesôsy”. Hitan’izy ireo ny nandraisany ny hafa tamim-pahamendrehana, tamim-pangorahana sy tamim-pahamarinana – ny zaza, ny vahiny, ny boka, ny mpanora-dalàna, ny vehivavy, ireo izay nitady fanampiana sy ireo izay nikasa hanao ratsy. Rehefa avy nandany fotoana “niaraka tamin’i Jesôsy” izy ireo dia “nirahina” hanao izay nataon’i Jesôsy ary hitondra fanasitranana ho an’ny fifandraisana simba, ny aretina, ny kilema ary ny fahafatesana.

Nasaina nampianatra ny famelan-keloka, ny fahafoizan-tena ary ny

fiovam-po izy ireo fa tsy ny fanarahana ireo fitsipika ivelany. Tahaka an'i Jesôsy, dia nasaina nanao ny fanompoany sy nitarika ho amin'ny fanompoana amin'ny fo izy ireo fa tsy ho amin'ny fitiavantenana ka hifantoka amin'ny tombambidy sy ny fahafahamanaan'ny olona tsirairay. Raha ny marina, noho ny fanofanana sy ny fitarihan'i Jesôsy, ireo mpianatra rehetra, afa-tsy iray ihany, dia tonga mpitarika fihetsehana fanaovana ny hafa ho mpianatra, izay nitombo hatrany.

DINGANA MIANDALANA NY FAHATONGAVANA HO MPIANATRA

Mitovitovy amin'ny antsika ankehitriny ny dingan'ny fahatongavana ho mpianatra. Rehefa manokana fotoana “iarahana amin'i Jesôsy” isika – amin'ny fahazarana mamaky sy mandinika ny Soratra Masina antsitrapo, amin'ny firesahana amin'Andriamanitra sy ny fihainoana Azy, amin'ny fandaniana fotoana eny anivon'ny natiora, amin'ny fitsaharana

amin'ny andro Sabata, amin'ny fanolokoloana fankasitrahana (...) dia mianatra fahazarana misaina sy mino ary manao izay hampitombo ny fitokiana sy ny finoana an'i Jesôsy. Rehefa mitombo ny fifandraisantsika amin'i Jesôsy ary tsapantsika ny mahafitiavana an'Andriamanitra, dia mianatra ny mitia an'Andriamanitra sy ny hafa ary ny tenantsika isika (Mar. 12:30-33). Araka ny nosoratan'i Ellen White: “Tombontsoanareo ny mitombo amin'ny fahasoavana; ny mitombo amin'ny fahalalana sy ny fitiavana an'Andriamanitra, raha mihazona ny firaisana mamy amin'i Kristy ianareo dia tombontsoanareo ny mankafy izany.” – Ellen G. White, *God's Amazing Grace*, t. 292.

Tahaka ireo mpianatra 12 voalohany, ny fotoana izay lanintsika “miaraka amin'i Jesôsy” dia manova antsika ho tahaka Azy. Na dia mety tsy tanteraka aza izany asan'ny fahasoavan'Andriamanitra izany dia “irahina” koa isika haneho taratra ny toetran'i Jesôsy amin'ny firaisam-

po amin'ny hafa sy ny fahamarinana ary ny herim-po. Velona ho an'i Jesôsy isika ao an-tokantrano, any am-pianarana, any amin'ny toeram-piasana ary eo amin'ny fiarahamonina, mba hitondra fiovana.

Maneho izany dingana izany ity tantara avy any Papouasie Nouvelle-Guinée ity. Hitan'ny loholompiangonana roa tao Madang Town fa nitombo isa ny zatovolahy nahavita fianarana tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa kanefa tsy an'asa, nitombo araka izany koa ny heloka bevava tao amin'ny faritra nisy azy ireo. Nanapakevitra izy ireo ny hanolotra sakafo indray mandeha isan-kerinandro ho an'ireo “tovolahin'ny lalana” tao Madang. Nientana ny fiangonana hanolotra fikarakarana fa tsy sakafo fotsiny ihany. Fotoana fohy taorian'izay dia nanontany ireo zatovolahy izy ireo raha toa irin'izy ireo ny hiaraka amin'ny vondron'ny mpamaky Baiboly. Nomeny azy ireo ny Filazantsaran'i Marka sy i Lioka ary ny bokin'ny Asan'ny Apôstôly ary fanontaniana fototra maromaro momba ny fahafantarana ny tena. Rehefa

nandeha ny fotoana, ireo fifaneraserana ireo dia nahatonga ny mambran'ny fiangonana haneho fangoraham-po sy fomba fijery mivelatra kokoa izay nampihena ny heloka bevava tao an-tanàna sy nahatonga ny tovolahy sasany mpijorojoro eny an'arabe ho mpianatr'i Jesôsy.

FAMARANANA

Ny Divizionia Pasifika Atsimo dia manana teny filamatra manao hoe: “Ny mpianatra dia mihamanahaka an'i Kristy hatrany hatrany amin'ny zavatra rehetra” (miorina amin'ny Efes. 4:15). Fantatsika fa ny mpianatr'i Jesôsy dia miasa ho fampandrosoana avokoa satria ny fahatongavana ho tahaka Azy dia tanjona “*izay tsy ho feno amin'izao fiainana izao izany, fa hitohy kosa ho amin'ny fiainana ho avy*”.— Ellen G. White, Fanabeazana Kristianina, t. 13. Ny sasany dia manana fihaikana mitohy momba ny faharetana, ny fandoavana ny ampahafolony, ny fiteny, ny fihinanana ara-

pahasalamana, ny toe-tsaina (...). Na izany aza dia tsy tokony hifampitsara isika; mifanohitra amin'izany, tokony hifankatia isika, hifampahery ary hifananatra (1 Tes. 5:11) mba ho tonga mpianatr'i Jesôsy izay mitaona ny hafa ho mpianatra.

I Glenn Townsend no filohan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito any amin'ny faritra Pasifika Atsimo izay manana ny foibeny any **Sydney, Australie.**

Fanontaniana hosaintsainina

1. Tantarao ny fanandramana iray teo amin'ny fiainanao izay nanampian'i Jesôsy anao hatoky sy hino Azy bebe kokoa.
2. Inona ireo fahazarana ara-pivavahana izay nanampy anao manokana “hiaraka amin'i Jesôsy”? Inona ny fahazarana arapivavahana hitanao fa sarotra indrindra, ary nahoana?
3. Inona no tiana amin'ny fanarahana an'i Jesôsy? Ahoana no ahafantaran'ny hafa fa manara-dia an'i Jesôsy ianao?
4. Ahoana no efa nanandramanao izany hoe “irahina” ho fitahiana ho an'ny hafa – ao antokantrano, any ampianarana, any amin'ny toeram-piasana, any amin'ny fiarahamonina?

Alatsinainy

Fantatsika avy ao amin'ny Soratra Masina fa zava-dehibe ny fitomboana ao amin'i Jesôsy. Amin'ny famakiana ny Baiboly, ny vavaka, ny fiankohofana sy ny fiderana an'Andriamanitra, ny fifandraisana amin'ireo mpino, ny fanatrarana izao tontolo izao amin'ny alalan'ny asa fanompoana sy ny fitoriana ny filazantsara ary ny fiainana ny fanatrehan'Andriamanitra no anatanterahana izany (Asa. 2:42-47; 4:32-36).


MITOMBO AMIN' NY MAHA- MPIANATR' I JESOSY

Miaina ny fanatrehany

NY TENY FIKASAN' ANDRIAMANITRA MIVERIMBERINA INDRINDRA

Ao amin'ny TT sy TV manontolo dia averimberin'Andriamanitra hatrany ny hoe: “Momba anao aho.” Izany no teny fikasana ampiasainy mate-tika indrindra. Tany ampiandohana dia niaraka tamin'i Adama sy i Eva tao amin'ny saha Edena Izy (Gen. 2:4-3:24). Nanome antsika Sabata isan-kerinandro Izy satria te hanokana andro iray manontolo iarahana amintsika (Gen. 2:1-3). Na dia taorian'ny Fahalavoana aza dia nandidy ny Isiraely Izy hanorina fitoerana masina ho Azy ho mariky ny fanatrehany teo amin'izy ireo (Eks. 25:8).

Ny tena fanatrehan'Andriamanitra lehibe indrindra eo amintsika dia i Jesôsy. Na dia ny anarany hoe Imanoela aza dia milaza fa amintsika Andriamanitra (Mat. 1:23; Isa. 7:14). Nialoha ny niakaran'i Jesôsy tany andanitra dia nampanantena Izy fa homba antsika mandrakariva ambara-



pahatongan'ny farany (Mat. 28:20). Nanome antsika ny Fanahy Masina Izy hiaramitoetra amintsika sy ho ao anatintsika mandrakariva (Jao. 14:16,17). Ny faratampony amin'ny vanimpotoana rehetra dia ny fiarahana amin'i Jesôsy mandrakizay rehefa hiverina fanindroany Izy (Apôk. 21:3).

Momba antsika amin'ny fotoana rehetra Andriamanitra. Mety tsy ho tsapantsika ny fanatrehany saingy tsy midika izany fa tsy eo Izy. *“Ary Jehovah no mandeha eo alohanao; ary Izy no hiaraka aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy”* - Deo. 31:8. Izany no fampanantenana ataon' Andriamanitra amintsika anio.

Inona no hevitra ny hoe miaina ny fanatrehan' Andriamanitra eo amintsika?

1. TIANA ISIKA

Nandritra ny sidina nataoko avy tao Houston ho any Chicago, vao tsy ela izay, dia nipetraka teo anilan'ny tompon'andraikitra iray ao amina orinasa momba ny teknôlôjian'ny fampitambaovao aho. Mandeha

eran'izao tontolo izao izy ary matetika no tsy ao an-trano. Nalahelo mafy ny ankohonany izy ary nanana laharan-telefaonina natokana hampiasaina ho azy ireo manokana. Araka ny tokony ho izy dia voasivana ny antso voarainy saingy afaka miantso azy amin'ny fotoana rehetra kosa ny ankohonany ary fantatr'izy ireo fa hamaly izy. *“Tsy misy feo mamy indrindra amiko noho ny an'ny vadiko sy ireo zanako”* hoy izy tamiko. *“Hajanoko ny zavatra rehetra mba hamaliana ny antso ary hifandraisako amin'izy ireo.”*

Ny resaka nifanaovanay dia nampahatsiahy ahy fa manana fifandraisana mivantana amin'ilay Raiko any an-danitra aho. *“Jehovah dia eo akaikin'izay rehetra miantso Azy.”* - Sal. 145:18. Tsy mahatsapa fanelingelenana na oviana na oviana Izy rehefa mifandray Aminy amin'ny alalan'ny vavaka aho. Rehefa marary aho na kivy dia miondrika eo amiko Izy mba hampahery ahy na maniraka olona hafa hampahery ahy

amin'ny anarany. Rehefa dodona aho dia afaka miantso Azy. Manana fifandraisana mivantana amin'Andriamanitra aho.

Ho an'i Ellen White, ny fisehoan'ny fitiavan' Andriamanitra ambony indrindra dia ny fanatrehany antsika. *“Satria tonga nonina niaraka tamintsika i Jesôsy, dia fantatsika fa mahalala ny fitsapana mahazo antsika Andriamanitra, ary miray fo amin'ny fahoriantika. Ny zanaka lahy sy ny zanaka vavin'i Adama rehetra dia afaka mahafantatra fa sakaizan'ny mpanota Ilay Mpahary antsika. Ny fampianarana rehetra momba ny fahasoaavana mantsy, ny fampanantenana fifaliana rehetra, ny asam-pitiavana rehetra, ny toetran'Andriamanitra mahasintona rehetra naseho teo amin'ny fiainan'ny Mpamonjy teto an-tany, dia samy ahitantsika fa 'amintsika Andriamanitra'.”* – Ellen G. White, Ilay Fitiavana Mandresy, t. 14.

2 - TSY IRERY NA OVIANA NA OVIANA ISIKA

Miseho amin'ny fomba ilantsika izany ny fanatrehan'Andriamanitra. Ho an'ny kamboty dia Ray mandrakizay Izy (Isa. 9:6). Ho an'ny zaza vao teraka dia Reny be fangorahana Izy (Isa. 49:15). Ho an'ny manirery dia namana tsitoha miaraka amintsika mandrakizay Izy (Sal. 68:6; 69:33). Ho an'ny marary, ho an'ireo nilaozana, ho an'ireo izay mandalo ny lohasahan'ny fahafatesana dia mampanantena Izy hoe: “*homba anao Aho*”- Isa. 43:2.

Iray amin'ireo zavatra mam-pien-tanentana indrindra ny amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ny fifaliana entin'izany. “*Fahavokisam-pifaliana no eo anatrehanao, ary fahafinaretana no eo an-tananao ankavanana mandrakizay*.”- Sal. 16:11. Fantatro fa na inona na inona iainako, na aiza na aiza misy ahy, dia momba ahy mandrakariva Andriamanitra ary manampy ahy hiatrika ny fiainana amin'ny fitokiana sy ny fanantenana.

3 - MANAO NY FANATREHAN' ANDRIAMANITRA HO ZAVA-MISY EO AMIN'NY FIAINANAO

Mitady mandrakariva ny hanehoana ny Tenany amintsika amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra. Mampirisika antsika hitady Azy amin'ny fontsika manontolo Izy. Ambarany amintsika ao amin'ny Jer. 29:12-14 ny fomba anaovana izany: “*Ary hiantso Ahy hianareo ka handeha sy hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho. Ary hitady Ahy hianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra. Eny, ho hitanareo Aho.*” Mariho fa misy fepetra anankiroa eto: miantso sy mitady.

4 - ANTSOY AHO

M a n a l a v i t r a an'Andriamanitra isika rehefa variana amin-javatra toy ny adidy amin'ny asa sy ny fomba fiaina feno rotoroto. Tsy avy Aminy ny olana – avy amintsika izany. Azontsika atao ny milaza fa akaiky Andriamanitra saingy tsy tena miaina amin'ny fahazoana antoka izany fahakekezany izany isika. Resaho Aminy isan'andro ny

olana eo amin'ny fiainanao. Zarah Aminy ny fiainanao. Avelao Izy hitarika sy hitahy anao.

Herinandro vitsivitsy lasa izay, tsy nahita tory aho. Nisy toe-javatra mahasorena niverimberina tao antsaiko. Rehefa tsy nahita tory aho dia nitsangana ka niezaka nijery fahitalavitra, saingy tsy nitsahatra nandre feo malefaka nilaza tamiko aho hoe: “*Antsoy Aho*”. Nosokafako tao amin'ny Asa. 2:25,26 ny Baiboliko: “*Nijery an'i Jehovah teo anatrehako mandrakariva aho; satria eo an-kavanako Izy, mba tsy hangozohozo aho, dia izany no nifalian'ny foko sy niravoravoan'ny lelako; ny nofoko koa hitoetra amin'ny fanantenana.*” Nahatsapa fiadanana sy fahatoniana aho. Napetrako tamin'Andriamanitra tamim-bavaka ny momba ahy. Nitondra fifaliana sy fanantenana ho ahy ny fanatrehany (Asa. 2:28), ary tsy ela dia nahita tory aho.

5 - TADIAVO AHO

Tokony hitady an'Andriamanitra amimpahazotoana isan'andro isika. Raha tsy mahita ny vadiko na tsy maniry ny handany fotoana miaraka aminy afa-tsy

herinandro vitsivitsy aho dia tsy hatanjaka ny fanambadianay. Tiako ny hahafantaran'ny vadiko fa mieritreritra azy aho. Antsitrapo no andaminako fotoana hiarahanay. Na dia efa nivady nandritra ny 40 taona mahery aza izahay dia mahafaly ahy hatrany ny miaraka aminy sy ny hahalala bebe kokoa momba azy. Toy izany koa, tokony hitady an'Andriamanitra isika. Rehefa esorintsika ireo zavatra mahavariana antsika ka manokana fotoana hitadiavana an'Andriamanitra isika dia ho fitahiana ho antsika ny hahafantatra Azy. Hovana amin'ny “*ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty*” isika (Fil. 3:10)

Manapaha hevitra ny hitady ny fanatrehan'Andriamanitra isan'andro. Tsy lavitra velively Izy fa vavaka iray dia ampy.

I S. Joseph Kidder dia mpampianatra teôlôjia ho an'ny pasitora sy ny fanofanana ho mpianatra ao amin'ny Seventh-day Adventist Theological Seminary ao **Berrien Springs, Michigan, Etazonia.**


Fanontaniana hosaintsainina

1. Saino ny amin'ny toe-javatra iray izay nahatsapanao ny fanatrehan' Andriamanitra tamin'ny fomba mahalalanjona.
2. Inona no azonao atao mba hahatsiarovana ny fanatrehan' Andriamanitra eo amin'ny fiainanao isan'andro?
3. Manaova tabilao momba ireo toe-javatra mora sy sarotra teo amin'ny fiainanao. Ahoana no nahatsapanao ny fanatrehan' Andriamanitra tamin'ny tsirairay avy amin'ireo?

MIAINA AMIN' NY MAHA- MPIANATRA

Nantsoina isika mba hiaina amin'ny maha-mpianatr'i Kristy antsika ao an-tokantrano, any am-piasana, any am-pianarana, eny an-tsena ary any amin'ny toeran-kafa. Izy no fahazavan'izao tontolo izao (Jao. 1:4). Raha velona ao anatinao Izy dia ho hitan'ireo manodidina anao izany. Tsy azo afenina ny fahalalanao an'Andriamanitra, tsy azonao hazonina ho anao samirery izany ka tsy hisy hahafantatra azy afa-tsy ianao sy Andriamanitra. Tokony ho fitahiana ho an'ny hafa izany. *“Mitovy amin'ny Mpampianatra azy ihany, ny mpianatr'i Kristy hatrizay hatrizay, dia tokony ho fahazavan'izao tontolo izao.”*— Ellen G. White, Patriarka sy Mpaminany, t. 361.

Vao tsy ela izay dia nanatrika fandevenana loholona iray tany Kenya aho. Nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fiainany, tamin'ny fomba nanohina ny fon'ireo rehetra nanatrika izany ny vadiny sy ny zanany adolantsento. “Tamin'ny mariazinay” hoy ny vadiny “dia nivoady ny ho tia ahy izy ary tena nitia ahy hatramin'ny fahafatesany izy.” Nanamafy ireo zanany fa marina izany. Amin'ny maha-Kristianina sy loholom-piangonana azy dia tena naneho ohatra ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra teo amin'ny vady aman-janany izy. Izany no atao hoe miaina amin'ny maha-mpianatra!



**Tsy tokony
hohazoninao ho
anao samirery
ny fahalalanao
an'Andriamanitra.
Tokony ho
fitahiana ho an'ny
hafa izany.**

**FAMARITANA NY ATAO
HOE MPIANATRA**

Amin'ny teny fampiasa andavanandro, ny mpianatra dia olona manaraka manokana ny mpampianatra iray. Amin'ny teny hebreo, ny mpianatra dia olona manahaka amimpahazotoana ny fampianarana sy ny fiainan'ny mpampianatra – olona mampihatra izay nianarany. Ny fanontaniana lehibe ho an'ireo mpanara-dia an'i Kristy dia hoe: Inona no hataon'i Jesôsy raha teo amin'ny toe-javatra misy ahy Izy? Dia izany no tokony hataoko! (Fil. 3:10, 11).

Fanamby hatrany ny

miaina mifanaraka amin' izay lazainao momba ny tenanao! Maniry hahita ny tena maha-iana anao ireo olona manodidina anao. Feno ohatra ny amin'ireo olona izay niaina marina ny maha-mpianatr'i Jesôsy Kristy azy ao amin'ny Baiboly. Nanahaka ny fampianarany sy ny fiainany izy ireo.

Nampahery ireo mpino i Paoly manao hoe: *“Aoka hanahaka ahy hianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy.”*- 1 Kôr. 11:1. Izao no nolazain'i Josoa nanoloana ireo mpitarika rehetra teo amin'ny Isiraely: *“Nefa raha tsy sitrakareo ny hanompo an'i Jehovah, dia fidionareo anio ary izay hotompoinareo, na ny andriamanitra izay notompoin'ny razanareo tany an-dafin'ny ony, na ny andriamanitry ny Amorita, izay mponina teto amin'ny tany onenanareo; fa raha izaho sy ny ankehonako kosa, dia hanompo an'i Jehovah izahay.”* - Jos. 24:15.

**TOROLALANA AVY AO
AMIN'NY BAIBOLY**

Ny Soratra Masina dia miantso ny mpivady hiaina tahaka ny mpianatra marina ao an-tokantrano. *“Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, (...) ny lehilahy tokony ho tia ny vadiny tahaka ny tenany ihany. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany. Fa tsy*

mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an'i Kristy amin'ny fiangonana; fa momba ny tena isika.” - Efes. 5:25-30.

“Ary toy izany koa, hianareo vehivavy, maneke ny vadinareo, mba ho voataonan'ny fitondrantenan'ny vavy izy, na dia tsy amin'ny teny aza (raha tãhiny misy tsy manaiky ny teny), rehefa hitany ny fahadiovan'ny fitondrantenanareo amin'ny fahatahorana.” - 1 Pet. 3:1, 2.

Hiharihary eo amin'ny fomba ifandraisanao amin'ny zanaka ny maha-mpianatra anao raha toa ianao ray aman-dreny. *“Ary hianareo ray [na ray amandreny], aza mampahatezitra ny zanakareo, fa tezao amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy.”* - Efes. 6:4.

Amin'ny maha-zanaka, ny miaina amin'ny maha-mpianatra dia mitaky ny fankatoavanareo ny ray aman-dreninareo, *“Anaka, maneke ny ray sy ny reninareo ao amin'ny Tompo, fa marina izany. Manajà ny ray sy ny reninao (fa izany no didy voalohany misy teny fikasana), mba hahita soa hianao sy ho maro andro ambonin'ny tany.”* - and. 1-3.

Nananatra ny tanora i Paoly mba haneho amin'ny toetrany ny maha-mpianatra azy ireo. *“Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona*

anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana.” - 1 Tim. 4:12.

Nametraka fihaikana ho an'ireo pasitora sy ireo mpitarika ny fiangonana ny apôstôly Petera mba hiainan'izy ireo toy ny mpianatra marina: “Koa ny amin'ny loholona izay eo aminareo, izaho, izay naman'ny loholona (...) dia mananatra azy hoe: Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo [araka an'Andriamanitra]; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotompanahy; tsy ho mpanjakazaka amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry. Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny satroboninahitra tsy mety simba hianareo.” - 1 Pet. 5:1-4.

ZAVA-DEHIBE TENA ILAINA

Zava-dehibe ny miaina marina ny maha-mpianatra. Amin'izao andro farany izao, ny devoly sy ny anjeliny dia miasa tsy manampitsaharana mba hihazonana ireo mpino hahazo aina ao anatin'ny toe-piaina

matimaty. “Any am-parany any dia hisy andro mahory. Fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, (...) manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa nandà ny heriny; ireny koa dia halaviro” - 2 Tim. 3:1-5.

Tahaka an'i Paoly, aoka ny fanirianareo ambony indrindra dia ny hahalala an'i Kristy sy ny hanahaka Azy: “eny, mba ho fantatro Izy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiombonana amin'ny fijaliany ka hampitovina amin'ny endriky ny fahafatesany, raha mba misy hahatratrarako ny fitsanganana amin'ny maty. Tsy toy ny efa nahazo sahadỳ aho, na efa tanteraka sahadỳ; fa miezaka aho hihazona izay nihazonan'i Kristy Jesosy ahy. Ry rahalahy, tsy mbola ataoko fa efa nahazo ny tenako; fa zavatra iray loha no ataoko: manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha, eny, miezaka hanatratra ny marika aho hahazoako ny lokan'ny fiantsoan'Andriamanitra any ambony ao amin'i Kristy Jesosy.” - Fil. 3:10-14.

I Joel Okindoh

dia mpanampy ny Filohan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito any amin'ny Diviziona Afrika Afovoany-Atsinanana ary monina akaikin'i Nairobi, Kenya.

Fanontaniana hosaintsainina

1. Oviana ny olona iray no tonga mpianatr'i Jesôsy Kristy?
2. Mety mizara ny fahazavana amin'ireo izay lavitra ve ianao kanefa tsy mizara izany amin'ireo akaiky anao?
3. Inona no anjara asan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fanaovana mpianatra?

Alarobia

MANAO MPIANATRA

Fiantsoana lalina



Ny fiainana kristiana dia fiainana miorina amin'ny fampiharana. Mpitoriteny iray no nizara fanoharana iray izay tsapako fa ilaina. Alaivo sary an-tsaina hoe maniry ho salama tsara ianao. Mety irinao ny hanomboka hanao fampiasam-batana, hampitombo ny hozatra na ho tonga malefolefo kokoa; noho izany dia mankany amin'ny toerana fanaovana fanatanjahan-tena eo an-toerana ianao ka misoratra anarana ho mpikambana ao. Mankany ianao isan-kerinandro ary tarihina ho any amin'ny toerana iray hihainoanao fampianarana momba ny fanatanjahan-tena. Hazavaina aminao ny fihetsika tokony hatao raha hibata fonjam-by, ny hahazoana ny fanazaran-tena tsara indrindra, ny fomba fitsoran'ny vatana amin'ny farany mba ho feno ny fihetsehana atao. Mankany amin'ilay toerana fanaovana fanatanjahan-tena ianao isan-kerinandro mba hipetraka sy hihaino izany ary avy eo mody. Tsy mbola nasaina nankao amin'ilay efitrano fanaovana fanatanjahan-tena mihitsy anefa ianao.

Hahita fiovana eo amin'ny vatanao ve ianao? Hanomboka hahatsapa ho matanjaka ve ianao? Tsia, tsy ho tsapanao izany. Amin'ny fotoana hanombohanao manao fampiharana ny zavatra nianaranao vao hanomboka hahita fiovana ianao. Tsy tokony hianina

amin'ny fahafantarana ny mombamomba ny fahasalamana isika; tokony hanao fampiharana izany isika: manafana ny hozatsika, manatsotra ny hozatra, milalao, mihazakazaka, mibata zavatra na inona na inona izany.

Tsotra ny fahitana ny fahamarinana saingy sarotra kokoa ny mampihatra izany. Tsy hoe finoana fotsiny ny fanarahana an'i Jesôsy – fampiharana izany. Ny fampiharana ny finoantsika no mahatonga ny zavatra inoantsika hivadika ho asa.

Rehefa manao jery todika ianao, toy ny ahoana ny fizotran'ny fiainanao nandritra ny roa taona lasa? Nanam-paniriana hampihatra ny finoanao ve ianao, tamin'ny fomba ahoana? Mety nenjehinao miaraka amin'ny fitaizana ny fiofanana ampitain-davitra kanefa miasa mandritra ny tontolo andro koa ianao. Mety ho namoy havan-tiana ianao. Angamba niatrika fisalasalana na fanahiana lehibe ianao nandritra izay fotoana izay.

Tsapako ny zavatra nolalovanao – nolalovantsika. Nikarakara antsika tamim-pahatokiana Andriamanitra, tsy mora anefa ny niatrika ny toejavatra na izany aza. Mety ho verinao ny fanaonao sasany taloha. Tsy fantatro mazava tsara ny toerana iainganao amin'izao fotoana izao saingy izao no fantatro: tian'Andriamanitra ny

hihaona aminao eo amin'io toerana misy anao io, amin'izao dianao izao.

Inoako fa manasa antsika hampihatra ny fanaovana mpianatra Andriamanitra, mba hampiasana ny finoantsika. Ny antso ho antsika amin'ny maha-mpino antsika dia ny hiarahantsika amin'Andriamanitra mba hanatratra an'izao tontolo izao. Raha mifantoka amin'ny fampiharana ny finoantsika isika dia zavadehibe ho antsika ny hahatakarta ny fomba fiasa iray manontolo amin'ny fanaovana mpianatra.

Ny maha-mpianatra manontolo dia mahafaoka ny fahalalana (ny loha), ny maha-izy (fo) ary ny asa (tanana). Mirosaka amin'ny fitomboana isika; manaraka izany dia tokony hampihatra izany isika amin'ny fizarana ny fanandramana niarahantsika tamin'ny Tompontsika. Izany no hevitra ny hoe manao mpianatra. Ny Apôk. 12:11 dia milaza fa mandresy isika amin'ny alalan'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny teny filazana Azy. Ny teny vavolombelonao dia hetsika fanaovana mpianatra, fizarana ny tantaran'ny fomba niasan'Andriamanitra teo amin'ny fiainanao.

FAMARITANA NY MAHA-MPIANATRA

Sarotra io teny io ho antsika satria adikan'ny olona amin'ny fomba samy hafa izany. Matetika rehefa

milaza ny teny hoe “ny maha-mpianatra” ny olona iray dia iray amin’ireto roa ireto no tiany lazaina: (1) ny diako manokana eo amin’ny fanarahana an’i Jesôsy, na (2) ny asa ataoko izay manampy ny hafa hitombo eo amin’ny diany miaraka amin’i Jesôsy. Ny maha-mpianatra, araka ny anehoan’ny Soratra Masina izany, dia ahitana ireo singa roa ireo: ny maha-mpianatra ny tenanao sy ny fanaovana mpianatra. Hoy i Jesôsy: “*Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo.*” - Mat. 4:19. Ny maha-mpianatra dia dingampitomboana ao amin’i Kristy izay maharitra mandritra ny androm-piainana rehetra. Ampahany iray amin’ny maha-mpianatra ny fomba ampiasan’Andriamanitra ny fiainantsika ho amin’ny fitomboan’ny mpianatra hafa.

Ny maha-mpianatra dia ny fiainana ao anatin’ny toetsaina vonon-kianatra. Ao amin’ny tontolon-kevitra ny fiarahamonina no isian’izany fitomboana izany. Araka ny nolazain’i Jim Moon, pasitora mpiandraikitra ny fanompoam-pivavahana ao amin’ny fiangonan’i Collegedale any Tennessee: “Ny fiainana ny fiombonana amin’Andriamanitra sy ny fanatanterahana ny iraka eo amin’izao tontolo izao dia tokony hatao eo amin’ny fiarahana amin’ny hafa.”

NAHOANA NO MIRESAKA MOMBA NY MAHA-MPIANATRA?

Inoako lalina fa ny fiangonana dia manao izay hanehoana ilay Andriamanitra tsy hita maso. Aoka ny vahoakan’Andriamanitra haneho fitiavana satria hita taratra amin’izay ataontsika sy ny fomba anatanterahantsika izany Andriamanitra. Asongadin’i Ellen White ny asa manokana ataon’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fiangonana raha nilaza izy hoe: “*Na dia osa sy marefo aza ny fijery azy, dia eo amin’ny fiangonana irery ihany no ametrahan’Andriamanitra, amin’ny fomba manokana, ny fijeriny farany indrindra. Izy no sehatra isehoan’ny fahasoaovany, toerana tiany hanehoana ny heriny izay manova ny fo.*” - Ellen G. White, Vavolombelona Mahery, t. 13 (1988). Saino izao: maneho ny fahasoaovany, ny fitiavany ary ny heriny manova amin’izao tontolo izao Andriamanitra amin’ny alalako sy amin’ny alalanao. Zava-dehibe ny fihetsiko sy ny fihetsikao.

Mihevitra fatratra ny amin’ny fiainan’ny mpianatra aho satria ny toerana izay raisiko miaraka amin’Andriamanitra, ny fiombonana izay nokarakarain’Andriamanitra teo amin’ny fiainako, ary ny tanjona izay tamin’ny fanatanterahako ny irak’i Jesôsy dia zava-dehibe

ho ahy. Mpiara-mianatra miara-mandeha aminao aho ary miara-mizaka avy eo amin’ny toerana maharary kanefa feno fanantenana, izay iainana sy anaovana asa fanompoana.

Fitahiana ho ahy ny manompo ao amin’ny fiangonan’i Azure Hills amin’ny maha-pasitora mpiandraikitra ahy. Ao amin’ny faritra misy ahy dia misy olona 4 tapitrisa izay entinay amim-bavaka mba hanana fifandraisana lalindalina kokoa amin’ny fitiavan’i Jesôsy mahavonjy. Miara-miasa amin’ny pasitora sy ny mpitarika mahafinaritra eo an-toerana aho, miara-mandray anjara amin’ny fanatanterahana ny irak’Andriamanitra izahay. Amin’ny maha-mpianatra antsika, antsoina isika hiova, ho voaova amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina.

Ilainao ny manomboka izany amin’ny tenanao. Tsy azonao atao ny manolotra zavatra izay tsy iainanao. Araka ny ambaran’i Ellen White amin’ny fomba mivantana manao hoe: “Ny mpitandrina [na ny mpianatra] dia tsy afaka hanome ho an’ny hafa izay tsy ananany (...) Betsaka no afaka miresaka momba ny foto-pampianarana saingy tsy mahalala ny leson’i Kristy izy ireo. Tsy ho fitahiana ny olona [lehilahy na vehivavy] toy izany na eo amin’ny polipitra na eo amorom-patana.”- Review and Herald, 2 Septambra 1890.

Amin'ny maha-mpianatra antsika, antsoina hanome toerana ho an'ny fiovana isika, dia ny asa izay ataon'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika.

Inona no ilainao mba hahatonga anao hiorina mafy sy hitoetra amin'ny maha-mpianatr'i Jesôsy anao? Raha tsy eo izany dia tsy hahomby ianao amin'ny fanaovana mpianatra.

FIANTSOANA LALINA

Nandritra ny 12 taona lasa dia nampiasa fandaharana izay nosoratako, mitondra ny lohateny hoe “Deep Calling: On Being and Growing Disciples” aho (Fiantsoana Lalina: ny maha-mpianatra sy ny fitomboan'ny mpianatra) (AdventSource, 2020). Isan-taona dia nanana vondron'olona 12 hatramin'ny 16 eo aho izay niarahako nandeha tamin'ny alalan'io dingan'ny “Fiantsoana Lalina” io. Sady nanao ny tenany ho mpianatra no nanao ny hafa ho mpianatra ireo sokajin-taona rehetra tao amin'ilay vondrona. Teo amin'ny toerana izay

natokana hifandraisana amin'Andriamanitra dia niasa tamin'ny fomba miavaka Izy. Tsy mijanona eo amin'ny fahazoana mari-pankasitrahana noho ny fahavitan'ny asa sy ny fanantonana izany eo amin'ny rindrina ny maha-mpianatra sy ny fanaovana mpianatra fa dia lavitra atao mandritra ny fiainana.

Ny “Fiantsoana Lalina” dia fandaharana fanaovana mpianatra mandritra ny 12 herinandro, natao hampiasaina eo amin'ny fiarahamonina izany. Narafitra manodidina ny fomba ahitana sy ham-piharana ny antson'Andriamanitra miisa valo izany: fanoloran-tena, vavaka, fitsaharana, fiarahamonina, fanasitrana, fijoroana ho vavolombelona, asa fanompoana ary fitahiana. Tsy azo sarahina ny maha-mpianatra sy ny fanaovana mpianatra. Raha mihalalina ny fiainam-bavako dia hiaina izany fanandramana izany ireo manodidina ahy noho ny amin'ny fijoroako ho vavolombelona.

Ireo fampiharana naseho ao amin'ireo antso miisa valo dia manome rafitra mba hitomboana ara-panahy. Noho ny fitomboan'ny fitiavana an'i Jesôsy, avy amin'ny fotoana nolanina tamin'ny fandinihana ny Soratra Masina, ny vavaka, ny asa fanompoana ary ny fitahiana, dia mitohy hatrany ny fiovana. Mila ny fisian'ny fotoana hampianarana, ny

mpanohana ara-panahy maro, ny vondrona madinika, ny fanorenana fiarahamonina, ny asa fanompoana ampiarina ary ny fisintahana ara-panahy ny “Antso mafy”; izany rehetra izany dia ny mba hamelana an'Andriamaintra hiasa eo amin'ny fiainan'ireo mpanondray anjara.

FINOANA MIASA

Advantista nandritra ny ampahany betsaka tamin'ny fiainany ny loholona iray ao amin'ireo fiangonana tantanako. Rehefa nanaraka ny dian'ny fanaovana ho mpianatra “Fiantsoana Lalina” izy dia nahatsapa fa nanasa azy hiditra amin'ny toerana iray vaovao Andriamanitra. Noho ny fotoam-bavaka sy ny fanoloran-tena nataony dia nitarika azy ho amin'ny fanaovana mpianatra Andriamanitra.

Olona maha-te ho tia mandrakariva izy, nahalala ireo mpiara-monina taminy ary nanampy azy ireo rehefa afaka nanao izany. Saingy rehefa nandany fotoana niaraka tamin'ireo olona manodidina azy izy ary nihaino tamim-pahalianana kokoa izay nilain'izy ireo dia nanjary naniry ny hampahafantatra azy ireo ny Baiboly. Ny fijoroany ho vavolombelona sy ny fiarahany mivavaka amin'izy ireo dia nitarika ho amin'ny fotoana isan-kerinandro iarahana mandinika ny Soratra Masina.

Nahatsapa fifaliana

lehibe aho rehefa nitsangana tao amin'ny ranon'ny batisa niaraka taminy raha nanao batisa ireo mpiara-monina taminy izahay, ireo mpivady izay notarihin'Andriamanitra ho amin'ny finoana tamin'ny fianarana ny Baiboly niaraka taminy! Hoy izy: "Tsy azoko novinavinaina mihitsy hoe hanao izany amin'ny alalako Andriamanitra!" Nitarika ireo mpivady ho anisan'ny mpianakavin'ny finoana Andriamanitra ary nanatsara ny fiainan'izy ireo ny fiarahamonina. Ny mahafinaritra dia nanatsotra ny tanany tamin'ny hafa ireto mpivady ireto ka nitarika azy ireo ho ao amin'ilay fiarahamonina!

Velona mandritra ny 27 350 andro eo ho eo ny olombelona ankapobeny. Ny fanontaniana dia hoe: inona no ataontsika amin'ireo andro ireo? Hiaina zava-baovao lehibe indrindra izay azontsika eritreritina ve isika amin'ny fiombonantsika amin'i Jesôsy sy amin'ny fanaovana mpianatra? Ilain-tsika ny manome toerana ho an'ny fampiharana ny

finoantsika. Raha manao izany isika dia fantatro fa ho vavolombelon'ny asan'Andriamanitra manova.

Ho voahazona amin'ny fitiavana anie ianao eo am-panaovana ny asan'Andriamanitra manova eo amin'ny fiainanao. Ho tsapanao anie ny fahafinaretan'ny fiarahana amin'Andriamanitra ao amin'ny iraka fizarana ny fitiavan'i Jesôsy hanatrarana izao tontolo izao.

I Tara VinCross no pasitora miandraikitra ny fiangonan'i Azure Hills ao **Grand Terrace, Californie**, toerana onenany miaraka amin'ny vadiny sy ny zanany anankiroa. Izy no mpanoratra ny andiam-boky "*Deep Calling Discipleship*" sy ny boky ho an'ny ankizy mitondra ny lohateny hoe "*God Loves Me and All My Feelings.*"

Fanontaniana hosaintsainina

1. Nanandrana manokana ny fitiavan'i Jesôsy ianao. Niova ny fomba fijerinao ny iraka nampanaovin'i Jesôsy ho fanaovana mpianatra vokatr'izany. Tamin'ny fomba ahoana?
2. Inona ireo zavatra izay tena mampavitribitrika anao?
3. Iza avy ireo olona izay tena manahirana anao?

“Ary ny fanjakan’ny lanitra dia tahaka ny harena nafenina tany an-tsaha, izay hitan’olona, ka dia nafeniny; ary noho ny hafaliany dia lasa nandeha izy ka nivarotra ny fananany rehetra, dia nividy izany saha izany.” - Mat. 13:44

NY FIVEVITR’OLOMBELONA

Mahafinaritra izany hoe mpianatr’i Jesôsy, saingy tsy zavatra azo mora foana izany. Mety hanontany ny sasany hoe: nahoana no ilana famoizan-javatra ny fanarahana an’i Jesôsy? Inona marina no tokony haloantsika mba hahatongavana ho mpianany? Tsy ampy ve ny fananan’Andriamanitra mba hanohanana ireo filantsika sy hamelana antsika hanaraka Azy maimaim-poana? Azy ny zavatra rehetra (Sal. 50:10); tokony ho tsapany noho izany ny toerana misy antsika ka hanaiky antsika amin’ny maha-isika antsika Izy. Mety hanao marimaritra iraisana ny olona sasany: “Mandoa vola aho, ary ianao manome zavatra.” Manaiky ny tenin’izy ireny Andriamanitra eo amin’io toe-javatra io satria izy ireo no mametraka ny fitsipika.

Alakamisy

NY SANDAN’ NY MAHA-MPIANATRA

Tsy maninona izay tohan-kevitrao momba ny sandan’ny fanarahana an’i Jesôsy; ny marina dia tsy ny volanao no ilainy. Ny ilainy dia ny hanoloranao ny fonao voaloton’ny fahotana, satria izany no fanananao sarobidy indrindra. Faniriany raha “*hodiovin’i Jesôsy, hosasan’ny rany [izany] ary hovonjen’ny fitiavany tapitra ohatra. Nefa na izany aza, dia mbola heverin’ny olona ho mafy ny mamoy ny zavatra rehetra!* – Ellen G. White, Ny Dia Ho eo amin’i Kristy, t. 54 (ed 2018).

NY FAMPINANAN’I JESOSY

Ny asa fanompoana nataon’i Jesôsy teto amin’ity tany ity dia niavaka tamin’ny fikasihany ny fon’ny olona tamin’ny Filazantsara ka nanova azy ireo araka ny fenitry ny fanjakan’Andriamanitra.



Rehefa hitanao ilay harena miafina na ilay vatosoa sarobidy, dia fantatrao ny tena faniriana lalina ao anatinao, dia fo vaovao, tonga mahatoky amin’ Andriamanitra

Ny tanjon’ireo fanoharana dia ny haneho ny zava-misy any an-danitra amin’ny fitenin’olombelona ka na ny olon-tsotra aza dia afaka hanao topy maso ny amin’ny tombambidin’ny mandrakizay. Araka izany, ao amin’ny fampianarany an’ohatra dia nanazava i Jesôsy fa raha irinao ny hanaraka Azy sy ho tonga mpianany dia tokony handoa ny sandan’izany ianao.



Amin’ireo fanoharana fito ao amin’ny Mat. 13, dia roa amin’ireo no manambara manokana ny sandan’ny maha-mpianatra. Ao amin’ilay fanoharana ny amin’ny harena nafenina (and. 44) sy ny fanoharana ny amin’ilay vatosoa sarobidy (and. 45, 46), i Kristy dia maneho ny hasarobidin’ny fanjakan’Andriamanitra izay azon’ny rehetra maniry ho isan’izany idirana. Rehefa mahita zavatra sarobidy isika dia mivarotra izay rehetra ananantsika ary manao ny fomba rehetra ahazoana izany. Rehefa hitantsika fa tia antsika tsy misy fetra Andriamanitra ary koa mety ho azontsika ny fiainana mandrakizay izay atolony, dia mamela ny zavatra rehetra ho any aoriantika isika mba hahazoana izany fiainana miaraka Aminy izany.

OHATRA AVY AO AMIN’NY BAIBOLY

Nandao ny asa fivelomany sy ny ankohonany ireo mpianatra 12 mba hanaraka Ilay Mpampianany. Tamin’ny fanontaniana napetrak’i Petera ny amin’ny tombontsoa ho azo amin’izany famoizana lehibe izany dia izao no navalin’i Jesôsy: “*Ary izay rehetra efa nahafoy trano, na rahalahy, na anabavy, na ray, na reny, handray zato heny ka handova*

fiainana mandrakizay.”- Mat. 19:29. Na dia lafo aza ny sanda tokony haloa, i Kristy dia tsy mitaky ny hanaovana tsinontsinona ny ankohonana, na dia mety tsy hifanara-kevitra amin’izy ireo aza ianao. Ny laharam-pahamehana no asongadina eto. Tokony hitia Azy mihoatra noho ny fianakaviany, ireo fananany, ireo raharahany na ny zavatra hafa ankoatra izany ny mpianany. Tsy tokony hisy hanaloka ny fitiavantsika an’Andriamanitra.

Ny safidin’i Petera hanaraka ny Tompo sy hitaona ny hafa hanao toy izany dia tsy manambara fotsiny ny fitiavany sy ny fanoloran-tenany ho an’Andriamanitra (Jao. 21:17) fa ny sorona nataony noho ny fitiavany an’i Kristy koa (Asa. 5:40, 41; 12:4), izay tonga amin’ny faratampony tamin’ny fanomboana azy teo amin’ny hazo fijaliana nifotitra. Na izany aza dia nanana fotoana namirapiratra izy teo amin’ny fiainany, toy ny fanohanan’ny vadiny azy tanteraka (1 Kôr. 9:5), ny fahitana ny hafa nitodika tany amin’Andriamanitra (Asa. 2:38, 41) sy ny fampanantenana ny fiainana mandrakizay (1 Pet. 1:3-9).

Ny fanapahan-kevitr’ilay vehivavy samaritana teo ampantsakana mba hanara-dia

an'i Kristy dia novidiny lafo tamin'ny fanehoana ampahibemaso ny lafiny ratsy teo amin'ny lazany (Jao. 4). Ny nanambadiany indimy sy ny fitoerany niaraka tamina lehilahy hafa dia ampy nisorohana ny fihaonana tsy ilaina tamin'ireo vehivavy teo ampantsakana rehefa nandeha nantsaka rano izy ireo. Azo heverina fa izany no antony naha-irery azy teo amin'io toerana io tamin'ny ora mampafana indrindra ny andro ao anatin'ny tontolo andro. Saingy fotoana nety izany hihaonan'i Jesôsy aminy sy hanovany ny fiainany ho amin'ny tsara. Taorian'ny nifampiresahany tamin'ny Mpamonjy dia nihazakazaka ho any amin'ireo mpiara-monina aminy, izay niafenany taloha, ilay vehivavy ka nilaza hoe: "*Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izy nilaza tamiko ny nataoko rehetra.*"- and. 29.

Ny fihaonana tamin'i Kristy dia naneho ny fahamarinana mandrakizay tamin'io fanahy noana io, ary nisy "*endrika vaovao hita teo amin'ny tavany, nisy fiovana teo amin'ny fijery azy manontolo.*" - Ellen G. White, Ilay Fitiavana Mandresy, t. 189. Ny sandan'ny fandaozana

ny fiainam-pahotana dia tsy anenenana na oviana na oviana. Tonga mpanaradia vaovao an'i Kristy sy misiônera izy. Ny fifampiresahana tamin'ilay vehivavy dia nanokatra varavarana ho an'i Kristy hanaovany ny asa fanompoany teo amin'ireo Samaritana (and. 39-42). Ny tena maha-mpianatra dia lafo vidy satria manameloka ny fahotana izany; ahazoana tombony anefa izany satria manamarina ny mpanota.

Milaza tantara mitovy amin'izany i Lioka momba ny fiovam-pon'i Zakaiosy (Lio. 19). Nankahala ity lehiben'ny mpamory hetra izay namitaka ny vahoaka sy nanangon-karena avy amin'ireo mpiray tanindrazana aminy ity ny olondrehetra. Raha nahare ny amin'i Jesôsy sy ny heriny mahagaga i Zakaiosy dia nandeha hihaino Azy. Nandresy lahatra an'i Zakaiosy ny fitiavan'i Jesôsy raha nipetraka, niafina teo ambony aviavy izy. Nanafotra azy ny fahatsapany ho tsy mendrika.

Nanova ny fanahiny ny fiasan'ny Fanahy Masina ary nahatonga azy handao ireo fanaony tsy marina. Na dia namoizan'i Zakaiosy ireo fananany teto an-tany

aza izany dia fifaliana ho azy ny nanokatra ny fony ho amin'ny fitiavan'i Kristy. Ny fibebahana marina nataon'io lehilahy io dia nitarika fanavaozana tanteraka teo amin'ny fiainany. Noho izany, tamin'ny namoizany ireo harena teto an-tany dia nahazo fiadanana sy ankohonana ary ny mandrakizay (and. 9) izy. Iza no nambaran'i Ellen White: "*Rehefa mandray an'i Kritisy ho Mpamonjy azy manokana ny fanahy vao tonga ao amin'ny famonjena.*"- Ilay Fitiavana Mandresy, t. 592. Misy zavatra izay mety ho sarobidy mihoatra izany ve?

FAMARANANA

Rehefa hitanao ilay harena miafina na ilay vatosoa sarobidy, dia fantatrao ny tena faniriana lalina ao anatinao, dia fo vaovao, tonga mahatoky amin'Andriamanitra. Izany no ampahatsiahivan'i Sôlômôna anao hoe: "*Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana; fa avy ao aminy no ihavian'ny aina.*" - Ohab. 4:23. Aradrariny ny sandan'ny maha-mpianatra rehefa heverina ny fiainana be dia be atolotra antsika ety, miaraka amin'ny fahoriana

noho ny amin'i Kristy (Fil. 1:29) sy ny fiainana mandrakizay omena antsika amin'ny alalany. Tsy misy tsara noho izao: Misafidiana handoa ny sandany, fidio Andriamanitra!

I Anna Galeniece dia mpampianatra mpiaramiasa mikasika ny voafonja sy ny eny amin'ny hôpitaly ao amin'ny Oniversite Andrews any **Berrien Springs, Michigan, Etazonia**. Talen'ny Seminary Chaplaincy Study Center koa izy.

Fanontaniana hosaintsainina

-
1. Inona ny harena sarobidy indrindra aminao?
 2. Inona no efitra mbola mampisaraka anao amin'Andriamanitra?
 3. Ahoana no hamelanao ny Fanahy Masina hanova ny fiainanao?
 4. Midika inona ho anao ny sandan'ny mahampianatra?

NY FIFALIANA AMIN'NY MAHA- MPIANATRA

Azo heverina fa i Petera, ilay mpianatra sahisahy sy natoky tena no nametraka ny fanontaniana tsara indrindra ao amin'ny Soratra Masina manontolo. Ao amin'ireo andininy izay mialoha ny fanontanian'i Petera dia mamaly ny zatovolahy mpanankarena iray nanontany Azy i Jesôsy, nanao hoe: “Mpampianatra ô, inona no tsara hataoko hahazoako fiainana mandrakizay?” - Mat. 19:16.

Taorian'ny nitanisan'i Jesôsy ireo didy maro samihafa izay tokony hotandreman'ilay zatovolahy dia nilaza fahalemena ara-panahy lalindalina kokoa Izy: “Raha te ho tanteraka hianao, mandehana, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra hianao; ary avia hanaraka Ahy.” - and. 21. Manaraka izany, ny andininy 22 dia maneho izay mety ho iray amin'ireo soratra eo amin'ny fasana mampalahelo indrindra hatrizay, ho an'ny mpianatra maty teo am-pahaterahana: “Fa nony nandre izany teny izany ilay zatovo, dia niala tamin'alahelo izy, satria nanana fananana be.”

Mendrika hovakina amim-pahalianana ny fanehoan-kevitra manan-danja nataon'i Ellen White:

“Raha tsapany ny tombambidin'nyfanomezana natolotra azy, dia ho niditra haingana ho anankiray amin'ny mpanaraka an'i Kristy izy. Anisan'ny Sinedriona manan-kaja teo amin'ny Jiosy izy, ary naka fanahy azy ny harenan'ny lanitra, nefa niriny koa ny tombontsoa ara-nofy izay mety hoentiny ny harenany ho azy. Nampalahelo azy ny fisian'izany fepetra izany; naniry ny fiainana mandrakizay izy, nefa tsy vonona ny hanao ny fandavan-tena takin'izany. Toa lehibe loatra ho azy ny vidin'ny fiainana mandrakizay.” – Ilay Fitiavana Mandresy, t. 556.



“Fantatsika ny sandan’ny maha-mpianatra saingy ahazoana tombony ve izany?”

Raha niala teo tamin’alahelo ilay zatovo dia nitodika tany amin’ireo mpianatra i Jesôsy ka nilaza zavatra izay mbola manaitra antsika roa arivo taona aty aoriana: “*Lazaiko aminareo marina tokoa fa sarotra ny hidiran’ny mpanan-karena amin’ny fanjakan’ny lanitra. Ary hoy Izaho aminareo indray: Ho moramora kokoa ny hidiran’ny rameva amin’ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran’ny mpanan-karena amin’ny*

fanjakan’Andriamanitra.” - and. 23, 24. “*Iza indray no azo hovonjena?*” hoy ireo mpianatra (and. 25). Tamin’ny tarehy nivoaramena no nametrahan’ i Petera fanontaniana izay tsy hisy mpianatra sahy hanao izany: “*Indro, izahay efa nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka Anao; koa inona ary no ho azonay?*” - and. 27.

INONA NO ENTIN’IZANY HO ANTSIKA?

Azontsika atao ve ny manome tsiny an’i Petera noho ny nametrahan’ny izany fanontaniana izany? Matetika i Jesôsy no milaza ny sandan’ny maha-mpianatra tahaka izay ataony ao amin’ny Mat. 16:24 raha nilaza Izy hoe: “*Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany ka hanaraka Ahy.*” Fantatsika ny sandan’ny maha-mpianatra saingy ahazoana tombony ve izany? Ny valiny dia hoe ENY! Indro fifaliana sarobidy dimy no miandry ireo izay vonona hiditra amin’ny maha-mpianatra miaraka amin’i Jesôsy – “ny dingana ahatongavana ho tahaka an’i Jesôsy amin’ny fandanianana fotoana miaraka Aminy.” - Discipleship Handbook: A

Resource for Seventh-day Adventist Members (Silver Spring, Md.: Review and Herald Pub. Assn., 2018), t. 3.

NY FIFALIANA AMIN’NY FANANANA FIAINANA MISY TANJONA

Nanao faminania tsy miolakolaka i Jesôsy ao amin’ny Mat. 16:25 momba ny mpianatra rehetra izay misafidy ny hanaraka Azy: “*Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany.*” Moa ve eo amin’ny fiainana misy alahelo lehibe kokoa mihoatra noho ny tsy fahitana ny tanjona namoronana anao? Mampanantena i Jesôsy eto fa ireo rehetra manolotra ny fiainany ho amin’ny fanompoana Azy dia hanana ny fiainana izay natao hiainan’izy ireo, ka ny ampahany amin’izany dia ny ho tonga “*mpanarato olona*”- Mat. 4:19. Ny fiainana misy tanjona dia fiainam-pifaliana!

NY FIFALIAN’NY FANEKENA TSY MISY FEPETRA

Iray amin’ireo zavatra tiako indrindra momba

ireo ray aman-dreniko ny fanoloran-tenany hanaiky ahy sy ny hitia ahy na dia misy fotoana aza mandiso fanantenana azy ireo aho. Na dia tsara aza izy ireo, ny fanekenany ahy dia tsy azo ampitahaina amin'ny an'i Jesôsy. Iza no nolazain'i Jesôsy: *“Izay rehetra omen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy.”* - Jao. 6:37. Nahatsapa ny fifalian'ny fanekena tsy misy fepetra avy amin'i Jesôsy ve ianao? Hanova anao ny maha-mpianatra miaraka amin'i Jesôsy saingy aorian'ny hanekenany anao tsy misy fepetra izany.

NY FIFALIANA AMIN'NY FISAKAIZANA AMIN'ANDRIAMANITRA SY I KRISTY

Rehefa miditra amin'ny fifandraisana amin'i Jesôsy isika dia misakaiza amin'Ilay Andriamanitr'izao tontolo rehetra izao, ary maro ny tombontsoa avy amin'izany fisakazaina izany: *“Tsy hataoko hoe mpanompo intsony hianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa efa ataoko hoe sakaiza hianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny*

Raiko no nambarako taminareo.” - Jao. 15:15. Eo am-pelatanan'ny mpianatra tsirairay izay miditra amin'ny fisakaizana amin'i Jesôsy ny fahendrena sy ny hery rehetra eto amin'izao tontolo ary rehetra izao! Fifaliana mitondra fiadanana ho an'ny mpianatra feno fanahiana izany!

NY FIFALIAN'NY FITSAHARANA MANASITRANA SY NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY

Ao amin'ny tontolo feno areti-mandringana sy loza, izany fifaliana izany irery ihany no mendrika ny sandan'ny fandehanana miaraka amin'i Jesôsy. Amin'izao fotoana izao indrindra no ilazany amintsika hoe: *“Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.”* - Mat. 11:28. Manolotra antsika ny ziozan'ny Sitrapony ho solon'ny ziozan'ny fahotana mandreraka i Jesôsy. Mampanantena Izy hoe: *“hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo. Fa mora ny ziozako, ary maivana ny entako.”* - and. 29, 30.

Iza no nosoratan'i Ellen White momba izany fampanantenana mahafinaritra izany: *“Tsy manao tombantombana diso mihitsy ny Tompo momba ny lovany. Refesiny ny olona iarahany miasa. Rehefa milefitra amin'ny ziozany izy ireo, rehefa mandao ny adiny izay tsy mitondra soa ho azy na ho an'ny asan'Andriamanitra dia hahita fiadanana sy fitsaharana. Rehefa tsapany ny fahalemeny, ny tsy fahombiazany dia ho faly izy ireo hanao ny sitrapon'Andriamanitra.”* - RH, 23 Oktôbra 1900.

NY FIFALIAN'NY FIANANA MANDRAKIZAY, ARY MIHOATRA LAVITRA NOHO IZANY

Namaly ny fanontanian'i Petera i Jesôsy ary azo heverina fa ny valimpanontaniana nomeny dia maneho ny fifaliana lehibe indrindra. Mamelà Ahy hanome toky anareo, hoy i Jesôsy, *“fa mby amin'ny fanavaozana, ka hipetraka amin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny ny Zanak'olona, hianareo koa izay nanaraka Ahy, hipetraka amin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo. Ary izay rehetra efa nahafoy trano,*

*na rahalahy, na anabavy,
na ray, na reny, handray
zato heny ka handova
fiainana mandrakizay.”*


- Mat. 19:28, 29. Tsy ho
ela, indray andro any, ireo
tena mpianatra marina
dia hanjaka mandrakizay
miaraka amin'ily nanova
antsika ho tahaka ny endriny.
Ho fifaliana tsy hay lazaina
sy feno voninahitra izany!
(1 Pet. 1:8).

I Dwain N. Esmond

dia mpitandrina
voahosotra, mpanoratra
sy tonian-dahatsoratra.
Miandraikitra ny asan'ny
filoha mpiara-miasa/
tonian-dahatsoratra
ao amin'ny Ellen G.
White Estate, Inc.
izay andraisany anjara
amin'ny fanomanana sy
ny fanapariahana ireo
asasoratr'i Ellen White.

Fanontaniana hosaintsainina

1. Amin'ny fomba ahoana
no ahafahanao mame-
traka ny tenanao eo
amin'ny toeran'ily
zatovo mpanankarena?
2. Efa namoy zavatra ho
an'i Jesôsy ve ianao
ka nahatsapa fitahiana
vokatry izany?
3. Efa nihevitra ve ianao fa
ny fahafoizan-tena dia
fanandramana mahafaly?



Sabata faharoa

**NY POROFON'NY
MAHA-MPIANATRA
MARINA**

Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamaoza anareo be' hoy Jesosy. Tian' Andriamanitra ny hampiseho amin'ny alalan'ny mpianatra ny fahamasinana, ny hatsaram-panahy, ny fangorahana izay toetra amam-panahin'ny tenany. Tsy mibaiko ny mpianatra anefa Jesosy hiasa mafy mba hitondra voa. Asainy mitoetra ao Aminy izy. 'Raha miray Amiko hianareo, hoy Izy, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany'. Amin'ny alalan'ny teny no itoeran'i Kristy ao amin'ny mpanaraka Azy.

“Io ihany ilay firaisana mitondra aina izay asehon'ny fihinanana ny nofony sy fisotroana ny rany. Ny tenin'i Kristy dia fanahy sy aina. Raha mandray ireo ianao, dia mandray ny ain'Ilay voaloboka. Mivelona amin'ny alalan'ny 'teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra' ianao. Mahatonga ny vokatra izay tao amin'i Kristy ihany ny fiainan'i Kristy ao aminao. Raha mivelona ao amin'i Kristy ianao, miraikitra Aminy, raha tohanany, raha misintona famelomana avy Aminy, dia mitondra vokatra manampitoviana amin'i Kristy.

“Tamin'io fihonany farany tamin'ny mpianany

io, ny zava-dehibe nirarian' i Kristy ho azy dia ny ahazoany mifankatia tahaka ny efa nitiavany azy. Naverimberiny hatrany ny amin'izany. *'Izany zavatra izany no andidiako anareo, hoy ny naverimberiny, mba hifankatiavanareo'.* Ny baikony voalohany indrindra rehefa irery Izy sy ny mpianany tao amin'ny efitra ambony, dia ny hoe: *'Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo, eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa'.*

“Vaovao io didy io ho an'ny mpianatra, satria tsy nifankatia tahaka ny nitiavan'i Kristy azy izy. Hitan'i Kristy fa tsy maintsy misy hevitra sy fihetseham-po vaovao mifehy azy; hitany fa tsy maintsy foto-kevitra vaovao no hampihariny; handray hevitra vaovao amin'ny alalan'ny fitiavana izy amin'ny alalan'ny fiainany sy ny fahafatesany. Nisy dikany vaovao ny didy nampifankatia azy teo amin'ny fahazavan'ny nanaovany sorona ny tenany. Asa fanompoana mitohy eo amin'ny fitiavana, eo amin'ny ezaka fandavan-tena, fanaovana sorona ny tena, ny asan'ny fahasoavana manontolo. Nandritra ny ora rehetra nandalovan'i Kristy teto an-tany, dia nitosaka avy taminy tamin'ny riaka tsy azo notohaina, ny fitiavan'Andriamanitra. Izay rehetra

vonton'ny Fanahiny dia ho tia tahaka ny nitiavany. Ny foto-kevitra mihitsy izay nanetsika an'i Kristy no hanetsika azy amin'ny fifampikasohan'izy samy izy.

NY FITIAVANA NO POROFO

“Io fitiavana io no porofo mazava ny maha-mpianatra azy. *'Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia',* hoy Jesosy. Rehefa mifa-matotra ny olona, tsy amin'ny alalan'ny hery na ny tombontsoan'ny tenany, fa amin'ny alalan'ny fitiavana, dia mampiseho ny asan'ny hery izay ambonin'ny herin'olombelona rehetra miasa mangina. Rehefa misy io firaisana io, dia mazava fa tafaverina eo amin'ny maha-olombelona ny endrik'Andriamanitra, fa misy foto-kevitra vaovao eo amin'ny fiainana tafaorina. Mampiseho izany fa misy hery eo amin'ny maha-Andriamanitra izay mahatohitra ny anjelin'ny ratsy manan-kery hafa noho ny an'ny olombelona, ary mampifitra ny fitiavan-tena miraiky-tampisaka amin'ny fo ara-nofy ny fahasoavan'Andriamanitra.

“Io fitiavana io, izay miseho ao amin'ny fiangonana, dia azo antoka

“Rehefa mifamatotra ny olona, (...) amin’ny alalan’ny fitiavana, dia mampiseho ny asan’ny hery izay ambonin’ny herin’olombelona rehetra.”

fa hamoha ny fahatezeran’i Satana. Tsy nanipika lalana mora ho an’ny mpianany Kristy. *‘Raha halan’izao tontolo izao hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa Izaho efa halany talohanareo. Raha naman’izao tontolo izao hianareo, dia ho tia ny azy izao tontolo izao; fa satria tsy naman’izao tontolo izao hianareo, fa Izaho efa nifidy anareo tamin’izao tontolo izao. dia halan’izao tontolo izao hianareo. Tsarovy ny teny izay nolazaiko taminareo hoe: Ny mpanompo tsy lehibe noho ny tompony. Raha nananjika Ahy izy, dia hananjika anareo koa; ary raha nitandrina ny teniko izy, dia hitandrina ny anareo koa. Fa izany rehetra izany no hataony aminareo noho ny anarako,*

satria tsy mahalala Izay naniraka Ahy izy’. Ady sy tolona mafy no tsy maintsy hitondrana ny filazantsara ao anivon’ny fanoherana ny loza mananontanona, ny fatiantoka sy ny fijaliana. Nefa izay manao izany dia tsy manao afa-tsy ny manaraka ny dian’ny Tompony.

HERY HANDRESENA AN’I SATANA

“Amin’ny maha-Mpanavotra an’izao tontolo izao Azy, dia nifanehatra mandrakariva tamin’ny toa tsy fahombiazana Kristy. Izy, Izay mpitondra hafatry ny famindrampo ho an’izao tontolo izao misy antsika, dia toa tsy nanao afa-tsy kely ny amin’ny asa niriny mafy hatao hanandratana sy hamonjena ny olona. Nisy hery miasa mangina avy amin’i Satana izay nanohitra mandrakariva ny lalany. Nefa tsy tokony ho kivy Izy. Hoy ny ambarany amin’ny alalan’ny faminanian’Isaia: *‘Foana ny nisasarako, zava-poana sy tsinontsinona no nandaniako ny heriko; kanefa ao amin’i Jehovah ny rariny tokony ho Ahy, ary ny valin’ny asako dia ao amin’Andriamanitro (...)* Fa mahazo voninahitra eo imason’i Jehovah Aho, ary Andriamanitro no heriko’.

“Kristy no nomena ny teny fikasana manao hoe:

‘Izao no lazain’i Jehovah Mpanavotra an’Isiraely, dia ny Iray Masina, amin’Ilay hamavoin’ny olona sy halan’ny firenena (...) izao no lazain’i Jehovah (...) Hiaro Anao Aho ka hanome Anao ho fanekena ho an’ny olona, mba hanangana ny tany indray sy hampandova ny lova izay efa rava ka hanao amin’ny mpifatotra hoe: Mivoaha, ary amin’izay ao amin’ny maizina hoe: Misoaha (...) Tsy ho noana na hangetaheta izy, ary tsy hamely azy ny hainandro migaingaina na ny masoandro; fa Izay mamindra fo aminy no hitarika azy, ary any amin’ny loharano miboiboika no hitondrany azy’ – Isa. 49:4,5,7-10.

“Niankina tamin’io teny io Jesosy, ary tsy nanome tombony ho an’i Satana Izy. Rehefa handeha amin’ny dingana faran’ny fanetrentena Kristy, rehefa nanery nanodidina ny fanahiny ny alahelo lalina indrindra, dia hoy Izy tamin’ny mpianany: *‘Fa avy ny andrianan’izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy’.* *‘Ny andrianan’izao tontolo izao dia efa voatsara’.* *‘Ankehitriny izy dia horoahina’.* - Jao. 14:30; 16:11; 12:31.

“Maso mahita ny ho avy no nentin’i Kristy nanoritra ny toe-javatra hitranga amin’ny ady farany lehibe. Fantany fa rehefa hiantso

Izy hoe: ‘*Vita*’, dia handresy ny lanitra manontolo. Ren’ny sofiny ny feon-javamano any lavitra any sy ny antsom-pandresena any amin’ny lapan’ny lanitra. Fantany fa haneno amin’izay ny lakolosim-patin’ny fanjakan’i Satana, ary hantsoina mafy hanakoako avy amin’izao tontolo izao iray ho amin’ny anankiray hanerana an’izao rehetra izao ny anaran’i Kristy.

“Niravoravo Kristy fa azony atao ny hanao ho an’ny mpanaraka Azy mihoatra noho izay azony angatahina sy heverina aza. Niteny tamim-pahatokiana Izy, fantany fa nisy didy manana ny hery rehetra efa nomena talohan’ny nanaovana an’izao tontolo izao. Fantany fa handresy eo amin’ny ady ifanaovana amin’ny ratsy ny fahamarinana izay tafin’ny hery tsitohan’ny Fanahy Masina, ary fantany fa ilay faneva voapentin-drà dia hikopakopaka amimpandresena eo amin’ny mpanaraka Azy. Fantany fa ho tahaka ny Azy ny fiainan’ireo mpianany mahatoky, dia ho fandresena sesilany, mety tsy hisy toy izany eto an-tany fa any amin’ny mandrakizay.

FINOANA TAHAKA NY AZY

“*Izany teny izany efa nolazaiko taminareo mba*

hanananareo fiadanana amiko. Aty amin’izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana, nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao’. Tsy diso Kristy, na kivy, koa tokony haneho finoana maharitra toy izany koa ny mpanaraka Azy. Tokony hivelona tahaka ny nahavelomany izy, hiasa tahaka ny niasany, satria miankina Amin’Ilay Tompon’ny mpiasa lehibe. Tsy maintsy manana herimpo, faherezana sy fikirizana izy. Na dia toa misy zavatra tsy azo ihoarana aza manakana ny lalany, dia tokony handroso izy noho ny fahasoavany.

“Tsy tokony hitaraina ny amin’ny zava-tsarotra izy, fa antsoy Izy handresy izany. Tsy misy tokony hampamoy fo azy, ary tokony hanantena ny zavatra rehetra izy. Ny rojo volamenan’ny fitiavany tsy misy toa azy, no hamatoran’i Kristy azy amin’ny seza fiandrianan’Andriamanitra. Zava-kendreny ny hahatonga ho azy ireo ny hery ambony indrindra miasa mangina amin’izao rehetra izao izay avy amin’ny loharanon’ny hery rehetra. Tokony hanana hery hoentimanohitra ny ratsy izy, hery izay tsy azon’ny tany na ny fahafatesana, na ny helo anjakana, hery izay hahatonga azy handresy tahaka ny nandresen’i Kristy koa.

“Kendren’i Kristy haseho ao amin’ny fiangonany eto an-tany ny filaminan’ny lanitra, ny drafi-pitondrampanjakan’ny lanitra, ny firindran’Andriamanitra any an-danitra. Amin’izay dia omem-boninahitra Izy ao amin’ny fiangonany. Amin’ny alalan’izy ireo dia hamirapiratra amin’ny famirapiratana tsy mihavasoka eo amin’izao tonolo izao ny Masoandron’ny Fahamarinana. Nanome fomba maro hanamorana ny asa ho an’ny fiangonany Kristy, mba hahazoany mandray tombony betsaka amin’ny voninahitra avy amin’ny fananany navotany sy novidiny.

“Narotsany tamin’ny vahoakany ny fahaizana sy ny fitahiana mba hahazoany maneho ny fahampian’i Kristy. Ny fiangonana, izay nomeny ny fahamarinan’i Kristy no toerana nametrahany ny harena, ka ao no tokony hiseho amin’ny fahafenoany sy hivelatra tanteraka ny haren’ny famindrampony, ny fahasoavany sy ny fitiavany. Mijery ny vahoakany ao amin’ny fahadiovany sy ny fahatanterahany Kristy, Ilay Foibe lehibe izay ielezan’ny voninahitra rehetra.

“Teny feno hery sy fanantenana no namaranan’ny Mpamonjy ny toroheviny. Dia naborany

tamin'ny fivavahana ho an'ny mpianany ny entamavesatry ny fanahiny. Nanandratra ny masony ho any an-danitra Izy, ka nanao hoe: *'Ray ô. tonganyfotoana; mankalazà ny Zanakao, mba hankalazan'ny Zanakao Anao, araka ny nanomezanao Azy fahefana amin'ny nofo rehetra mba hanome fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra nomena Azy. Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao. Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.'*”

Nalaina avy tamin'ny boky *Ilay Fitiavana Mandresy* nosoratan'i Ellen G. White ity lahatsoratra ity (tt. 731,735, ed 1983). Mino ny Advantista Mitandrina Ny Andro Fahafito fa manana ilay fanomezampahasoavan'ny faminaniana araka ny Baiboly i Ellen G. White, izay nampiasainy nandritra ny 70 taona mahery nanasoavany ny taranak'olombelona.

Fanontaniana mampieritreritra

-
1. Ahoana no anehoantsika ny toetran'i Kristy amin'izao tontolo izao?
 2. Ifanakalozy hevitra ny hoe: “hivelona tahaka ny nahavelomany (...), hiasa tahaka ny niasany”. Nisy akony teo amin'ny fomba fiaina sy ny fomba fiasan'i Kristy ny tanjona nokendreny, amin'ny fomba ahoana?
 3. Inona avy ireo fiadiana azontsika ampiasaina handresena ny hakiviana sy ny tahotra rehefa miatrika fakam-panahy isika?